

# Fanofanana - Taranja Vatofehizoro

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

Fepetra napetraka mikasika ny fampiasana (Nohavaozina tamin'ny 2021-13-04) Fanamarihana mikasika ny fitsinjovana ny fiainan'olona manokana (Nohavaozina tamin'ny 2021-06-04)

© 2021 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved.

Fiarahabana sy ireo vokatra andrasana amin'ny taranja Vatofehizoro



## FIARAHABANA

Tonga soa eto amin'ny fampianarana ny taranja Vatofehizoro amin'ny Institiota! Misaotra anao nanaiky ilay fahafahana hanampy ny mpianatrao hampitombo ny fiovam-pony ho an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany naverina tamin'ny laoniny.

### MIALOHA NY HAMPIANARANA


Mialoha ny hampianaranao dia :

- Avereno jerena ny Torolalana fohy ahafahana manomboka ho an'ny fampianarana ireo taranja Vatofehizoro
- Halalino tsara ny fampidirana ny Tahirin-kevitra ho an'ny mpampianatra.
- Mandamina fotoana miaraka amin'ny mpandrindra na ny talen'ny institiota hifanakalozanareo hevitra momba ny asa ampanaovina anao, ireo mpianatra sy ny taranja, ary izay mety ho fanontaniana anananao.
- Mivavaha mba hahazo fitarihana hanampiana ireo mpianatrao hanatona an'i Kristy sy hitovy kokoa Aminy.

### IREO TANJON'NY FIOFANANA MITOHY


Maro ireo fitsipika sy fahaiza-manao izay manan-danja ho an'ny fampianarana mahomby. Azonao atao ny manohy mandalina ireo fitsipika sy mampihatra ireo fahaiza-manao nampianarina tao amin'ny boky torolalana an'ny seminera sy

institiota. Ho an'ny tanjon'io fiofanana mitohy io dia misy fahaiza-manao fototra mifandray amin'io fampianarana ny taranja Vatofehizoro amin'ny Institiota io izay hofaritana sy haseho amin'ny ohatra ary hampiharina mba hanampiana anao hifehy ny taranja sy ny fandaharam-pampianarana. Ireo fahaiza-manao ireo dia hanampy anao hanome traikefa mampiorina sy mampiova fo ho an'ny mpianatra eo am-pikatsahanao hanampy azy ireo Hiomana, Handray anjara ary Handray andraikitra hanampiana azy ireo hitovy kokoa amin'ny Mpamonjy Jesoa Kristy.





- **Miomana:** Manatsara ny fiomanan'ny mpianatra amin'ny alalan'ny fanasana
- **Mandray anjara:** Mampandray anjara ny mpianatra amin'ny fampiasana ny fiomanana nataon'izy ireo.
- **Mandray andraikitra:** Manamafy ny fampiharana

Manatsara ny fiomanan'ny mpianatra amin'ny alalan'ny fanasana



## *FAHAIZA-MANAO: MANATSARA NY FIOMANAN'NY MPIANATRA AMIN'NY ALALAN'NY FANASANA*

Inona no hataonao hanatsarana ny fiomanan'ny mpianatra mba hanatsarana ny traikefam-pianaran'izy ireo?



***Vakio iray manontolo ireto fizarana ireto ary araho ireo torolalana. Raketo ao amin'ny sehatra ho an'ny fifanakalozan-kevitra ny zavatra ianaranao.***

## *MAMARITRA*

Ao amin'ny taranja Vatofehizoro, ny Tahirin-kevitra hoenti-manomana ny fotoam-pianarana dia natao hohalalininao sy ny mpianatrao mba hanomanana ny fotoam-pianarana. Ny tahirin-kevitra hoenti-manomana dia ahitana fanasana hanatsara ny fiomanan'ny mpianatra sy ny mpampianatra amin'ny alalan'ny fanontaniana sy ny zavatra atao izay natao hanampy amin'ny fanamafisana orina ny fianarana ao an-dakilasy sy any ivelan'ny kilasy. Ireo fanasana tsirairay ireo dia nampiarahana tamina sary famantarana mba hanampiana anao hahita ny fomba sy ny fotoana hampiasana ireo fanasana ireo, ary ny fomba azonao hiaingana avy amin'izany ao an-dakilasy.

## *MANOME OHATRA*

Ireto misy ohatra vitsivitsy amin'ireo fanasana hiomana izay mety ho hitanao ao amin'ny fandaharam-pampianarana:

### Saintsaino mandritra ny fanomanana ho an'ny fotoam-pianarana

Ohatra: "Inona no zavatra niainana izay nanampy anao ho tonga amin'ny fahafantarana fa tenin' Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna?"

### Halalino mandritra ny fanomanana ny fotoam-pianarana

Ohatra: "Nampianatra ny vahoaka momba ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy i Almà. Vakio ny Almà 7:11–13."

### Raketo an-tsoratra ny eritreritrao

Ohatra: "Soraty ao amin'ny diarinao na eo amin'ny faritra malalaka ny fahamarinana vitsivitsy izay manan-danja aminao avy amin'ireo soratra masina sy fampianarana ato amin'ity fizarana ity ary koa izay mety ho eritreritra sy

fanontaniana hafa anananao. Tongava mianatra, vonona hizara ireo fahamarinana hitanao sy izay hevi-baovao anananao."

### Mifanakaloza hevitra mandritra ny Fanomanana ho an'ny fotoam-pianarana

Ohatra; "Miaraka amin'ny fanampian'ny olona iray ao amin'ny fianakaviana na namana iray, mitadiava fomba azo hampiharana amin'izao fotoana izao ireo fitsipika hitanao ao amin'ireo andininy ireo. Tongava mianatra, vonona hizara ny zavatra nianaranao."

### Mandraisa andraikitra avy amin'izay zavatra nianaranao

Ohatra: "Inona no hataonao ato anatin'ny andro sy herinandro ho avy mba hanompoana ny hafa tahaka izay nataon'i Jesoa Kristy?"

Hitanao ankehitriny ny fomba nanampian'ny fandaharam-pampianarana anao hanatsara ny fiomanan'ny mpianatra amin'ny alalan'ny fanasana, ka manaova fanazaran-tena mikaroka sy mampiasa ireo fanasana ao anatin'ny fandaharam-pampianarana.

## *MANAZATRA TENA*

Ataovy ireto dingana manaraka ireto ho fanazaran-tena amin'ny fitadiavana sy fampiasana ireo fanasana ireo mba hanatsarana ny fiomanan'ny mpianatra.

1. Makà lesona iray ao amin'ny tahirin-kevitra enti-manomana ny fotoam-pianarana ho an'ny taranja izay efa ampianarinao na ho ampianarinao ary karohy ireo fanasana hanomana aseho ao.
2. Mifidiana iray amin'ireo fanasana ireo.
3. Eritrereto hoe mety ho toy ny ahoana io zavatra atao io eo amin'ny fiomanan'ny mpianatra. Saintsaino izay mety ho fiantraikan'io fanasana hiomana io eo amin'ny zavatra iainan'ny mpianatra mialoha sy mandritra ny fotoam-pianarana. Eritrereto ny fomba azonao hanasana ireo mpianatra hiomana ho amin'ny fotoam-pianarana manaraka amin'ny fanampiana ireo mpianatra hamantatra ireo fanasana hiomana ireo.

4. Mitadiava fanasana hiomana iray hafa, ary avereno indray io fanazaran-tena io.

Ny fahazaranao sy ny fahombiazanao eo amin’ny fampiasana ireo fanasana hiomana dia hanampy anao hifantoka amin’ny mpianatra ary hanatsara ny fiomanan’izy ireo handray traikefam-pianarana lalina kokoa.

## *MAMPIDITRA*

Eo am-piezahanao hanatsara ny fiomanan’ireo mpianatra amin’ny alalan’ny fanasana, dia eritrereto ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Ahoana no fomba ahafahanao mampiditra ny zavatra nianaranao avy amin’ireo fanazaran-tena ireo rehefa mampianatra ianao?
- Inona no azonao atao mba hanohizana ny fanaovana fanazaran-tena amin’io fahaiza-manao io mba ho afaka hivoatra ianao amin’ny maha-mpampianatra anao?

## *MIFANAKALO HEVITRA*


Raketo ao amin’ny sehatra ho an’ny fifanakalozan-kevitra etsy ambany ny zavatra nianaranao avy tamin’ity traikefa ity. Ataovy izay hamakiana ny zavatra nosoratan’ny hafa mba hahitanao ny zavatra ianaran’izy ireo sy ataony.

Mampandray anjara ny mpianatra amin'ny fampiasana ny fiomanana nataon'izy ireo.



## *FAHAIZA-MANAO: MAMPANDRAY ANJARA NY MPIANATRA AMIN'NY FAMPIASANA NY FIOMANANA NATAON'IZY IREO.*

Ahoana no fomba hampandraisanao anjara ny mpianatrao amin'ny alala'ny fampiasana ny zavatra nohalalin'izy ireo sy nianarany ary tsapany nandritra ny fiomanana ho an'ny fotoam-pianarana?




***Vakio iray manontolo ireto fizarana ireto ary araho ireo torolalana. Raketo ao amin'ny sehatra ho an'ny fifanakalozan-kevitra ny zavatra ianaranao.***

## *MAMARITRA*

Ny fandaharam-pampianarana ao anatin'ny taranja Vatofehizoro iray manontolo dia hanampy anao hatoky sy hampiasa ny fiomananananataon'ny mpianatra. Ny tahirin-kevitra ho an'ny mpampianatra dia ahitana fitaomana handray anjara maro izay manasa ny mpianatra "hijery," "hitadidy," "hampifandray," "hizara ny fiomanan'izy ireo," sy ny sisa mba hampahatsiahivana sy hamporisihana anao hampiasa ny fahatakaran'ny mpianatra sy ny fiomanany hitarihana ny traikefan'ny kilasy.

## *FANEHOANA OHATRA*

Ireto misy ohatra vitsivitsy amin'ireo fitaomana handray anjara ireo izay mety ho hitanao ao amin'ny fandaharam-pampianarana:

- "Asao ny mpianatra hitantara ny zavatra tsaroan'izy ireo mikasika io toe-javatra io tamin'ny fanomanana ny fotoam-pianarana izay nataony."
- "Ampahatsiahivo ny mpianatra fa nasaina izy ireo hanisy marika ireo fahamarinana izay manan-danja aminy ao amin'ny tahirin-kevitra hoenti-

manomana ny lesona. Omeo fotoana kely ny mpianatra hijerena ireo soratra masina sy fampianarana avy amin'ny mpaminany izay nasian'izy ireo marika tao amin'io fizarana io. Asao izy ireo hizara ny zavatra nianaran'izy ireo amin'ny iray kilasy."

- "Avelao ny mpianatra hifanakalo hevitra mandritra ny minitra vitsivitsy ao anaty vondrona kely maromaro mikasika ny fomba hampiasan'izy ireo ny zavatra nianarany tamin'ny fanomanany mba hanampiana ireo namany."

Efa hitanao ankehitriny hitanao ny fomba nanampian'ny fandaharam-pampianarana anao hampiasa ny fiomanan'ny mpianatra, ka manaova fanazaran-tena amin'ireo fitaomana handray anjara ao anaty fandaharam-pampianarana ireo.

## *MANAZATRA TENA*

Ataovy ireto dingana manaraka ireto ho fanazaran-tena amin'ny fitadiavana sy fampiasana ireo karazana fitaomana handray anjara mba hahafahana mampiasa ny fiomanan'ny mpianatra.

1. Makà lesona iray ao amin'ny tahirin-kevitra ho an'ny mpampianatra ho an'ny taranja izay efa ampianarinao na ho ampianarinao ary karohy ireo fitaomana handray anjara aseho ao.
2. Mifidiana iray amin'ireo fitaomana ireo.
3. Eritrereto hoe mety ho toy ny ahoana io zavatra atao io raha atao ao an-dakilasy. Saintsaino ny mety ho fiantraikan'ny fampiasana io fitaomana handray anjara io amin'ny zavatra iainan'ny mpianatra.
4. Mitadiava fitaomana handray anjara hafa ary avereno indray io fanazaran-tena io.

Ny fahazaranao sy ny fahombiazanao amin'ny fampiasana ireo fitaomana handray anjara ireo dia hanampy anao hifantoka amin'ny mpianatra sy hampandray anjara azy ireo amin'ny traikefam-pianarana lalina kokoa.

## *MAMPIDITRA*

Eritrereto ireto fanontaniana manaraka ireto eo am-panaovanao asa hampitombo ny fandraisan'anjaran'ny kilasy amin'ny alalan'ny fampiasana ny fiomanan'ny mpianatra:

- Ahoana no fomba ahafahanao mampiditra ny zavatra nianaranao avy amin'ireo fanazaran-tena ireo rehefa mampianatra ianao?
- Inona no azonao atao mba hanohizana ny fanaovana fanazaran-tena amin'io fahaiza-manao io mba ho afaka hivoatra ianao amin'ny maha-mpampianatra anao?

## *MIFANAKALO HEVITRA*


Raketo ao amin'ny sehatra ho an'ny fifanakalozan-kevitra etsy ambany ny zavatra nianaranao avy tamin'ity traikefa ity. Ataovy izay hamakiana ny zavatra nosoratan'ny hafa mba hahitanao ny zavatra ianaran'izy ireo sy ataony.

Manamafy ny fampiharana



## *FAHAIZA-MANAO: MANAMAFY NY FAMPIHARANA*

Ahoana no hanamafisanao ny fampiharana ao amin'ny kilasinao? Inona no hataonao mba hanentanana ny mpianatrao handray andraikitra amin'ny zavatra izay nianaran'izy ireo?



***Vakio iray manontolo ireto fizarana ireto ary araho ireo torolalana. Raketo ao amin'ny sehatra ho an'ny fifanakalozan-kevitra ny zavatra ianaranao.***

## *MAMARITRA*

Ny fiomanana mahomby ataon'ireo mpianatra sy mpampianatra mialoha ny fotoam-pianarana dia manome fotoana kokoa ny kilasy hanampy ireo mpianatra hahita ireo fomba hiainana araka ny fahamarinana izay hitan'izy ireo tao amin'ny lesona. Natao hanorenana ny fiomanan'ny mpianatra ny tahirin-kevitra ho an'ny mpampianatra ary hanampy amin'ny fampitomboana ny tanjaka sy ny fahaizan'ny mpianatra hampihatra amin'ny fomba izay hanampy azy ireo hitovy kokoa amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy.

## *MANOME OHATRA*

Ireto misy ohatra vitsivitsy ana fifanakalozan-kevitra mifototra amin'ny fampiharana sy fanasana izay mety ho hitanao ao amin'ny fandaharam-pampianarana Vatofehizoro:

- "Apetraho amin'ny mpianatra ireto fanontaniana manaraka ireto: Inona avy ireo fomba sasany izay nandraisanao sy ny fianakavianao anjara tamin'ny tantaram-pianakaviana sy ny asa atao any amin'ny tempoly? Inona avy ireo fitahiana azonareo noho ny fanaovana izany? Azonao atao ny manasa ireo mpianatra hieritreritra olona iray azon'izy ireo angatahana mba hanoro azy ireo ny fanaovana tantaram-pianakaviana. Raha misy mpianatra efa havanana amin'ny fanaovana tantaram-pianakaviana dia asao izy ireo hanoro olona hafa ao an-dakilasy."
- "Omeo fotoana ny mpianatra hisaintsainana sy hiraketana an-tsoratra ny eritreriny momba ity fanontaniana manaraka ity: Amin'ny fomba ahoana no hahatonga ahy havitrika kokoa ato amin'ny Fiangonana sy hanampy amin'ny fanatanterahana ireo tanjony?"
- "Asehoy ity fanontaniana manaraka ity: Inona no hataoko mba hanasana ny herin'i Jesoa Kristy hiasa feno kokoa eo amin'ny fiainako? Omeo fotoana ny mpianatra hisaintsainana ombam-bavaka an'io fanontaniana io sy hanoratana valinteny iray ao amin'ny diariny na ny kahie fandraisany an-

> tsoratra. Eo am-pandalinan'izy ireo dia hevero ny hampiseho teny avy amina mpaminanin'ny andro farany iray mba hamporisihina azy ireo amin'ny fomba manokana hanasa ny herin'ny Mpamonjy eo amin'ny fiainan'izy ireo."

Efa hitanao ankehitriny ny fomba hanampian'ny fandaharam-pampianarana anao hanamafy ny fampiharana, ka manaova fanazaran-tena manao ireo zavatra atao enti-mampianatra ao anaty fandaharam-pampianarana.

## *MANAZATRA TENA*

Ataovy ireto dingana manaraka ireto ho fanazaran-tena amin'ny fitadiavana sy fampiasana ireo zavatra atao enti-mampianatra mba hanamafisana ny fampiharan'ny mpianatra.

1. Makà lesona iray ao amin'ny tahirin-kevitra ho an'ny mpampianatra ho an'ny taranja izay efa ampianarinao na ho ampianarinao ary karohy ireo zavatra atao enti-mampianatra izay aseho ao.
2. Misafidiana iray amin'ireo zavatra atao enti-mampianatra ireo ary vakio amim-pitandremana kokoa ilay zavatra atao sy ireo fanontaniana mifandray amin'ny fampiharana.
3. Saintsaino ny mety ho fiantraikan'ny fampiasana io zavatra atao enti-mampianatra io na ireo fanontaniana napetraka eo amin'ny zavatra iainan'ny mpianatra.
4. Avereno io fampiharana io amin'ny alalan'ny fisafidianana lesona iray hafa ao amin'ny tahirin-kevitra ho an'ny mpampianatra sy ny famantarana ireo zavatra atao enti-mampianatra izay manampy hanamafy ny fampiharana.

Ny fahazaranao sy ny fahombiazanao eo amin'ny fampiasana ireo fifanakalozan-kevitra mifototra amin'ny fampiharana dia hanampy anao hifantoka amin'ny mpianatra ary afaka manampy azy ireo hitovy kokoa amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy.

## *MAMPIDITRA*

Eo am-piezahanao hanentana ireo mpianatra sy hanamafy ny fampiharana dia eritrereto ireto fanontaniana manaraka ireto. Raketo ao amin'ny sehatra ho an'ny fifanakalozan-kevitra etsy ambany ny eritreritrao.

- Ahoana no fomba ahafahanao mampiditra ny zavatra nianaranao avy amin'ireo fanazaran-tena ireo rehefa mampianatra ianao?
- Inona no azonao atao mba hanohizana ny fanaovana fanazaran-tena amin'io fahaiza-manao io mba ho afaka hivoatra ianao amin'ny maha-mpampianatra anao?

## *MIFANAKALO HEVITRA*

Raketo ao amin'ny sehatra ho an'ny fifanakalozan-kevitra etsy ambany ny zavatra nianaranao avy tamin'ity traikefa ity. Ataovy izay hamakiana ny zavatra nosoratan'ny hafa mba hahitanao ny zavatra ianaran'izy ireo sy ataony.

# FAMINTINANA

Misaotra anao indray nanaiky ilay fahafahana hanampy ny mpianatrao hampitombo ny fiovam-pony ho an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany naverina tamin'ny laoniny.

## TADIDIO:

- Hitari-dalana anao ny Tompo eo am-pikatsahanao ny hanampy ireo mpianatra hanatona an'i Kristy sy hitovy kokoa Aminy.
- Afaka manampy anao hamaly ireo fanontaniana sy olana mety anananao ny mpandrindra na talen'ny institiota any amin'ny misy anao.
- Ny fahaiza-manao izay nofaritana, nanomezana ohatra sy nanaovana fanazaran-tena tao anatin'ity fiofanana ity dia afaka manampy anao hahomby kokoa amin'ny fampiasana ny fandaharam-pampianarana mba hitahiana ny mpianatrao. Ireo fahaiza-manao ireo dia hanampy anao hanome traikefa mampiorina sy mampiova fo ho an'ny mpianatra eo am-pikatsahanao hanampy azy ireo Hiomana, Handray anjara ary Handray andraikitra hanampiana azy ireo hitovy kokoa amin'ny Mpamonjy Jesoa Kristy.

